# “Raha misalasala ny amin’ny vavaka ataony ny iray aminareo, ka tsy fantany hoe telo sa efatra rakat vitany, dia aoka izy hanaisotra ny fisalasalana, ary hanao izay azony antoka, avy eo izy miankohoka indroa alohan’ny famaranana (salam)

Tatitra azo avy amin'i Abo Said Al-Khodri (R.A) : Niteny ny Mpaminany (Saw ) manao hoe: “Raha misalasala ny amin’ny vavaka ataony ny iray aminareo, ka tsy fantany hoe telo sa efatra rakat vitany, dia aoka izy hanaisotra ny fisalasalana, ary hanao izay azony antoka, avy eo izy miankohoka indroa alohan’ny famaranana (salam), raha nivavaka dimy rakat izy, dia lasa isa azo zaraina noho ilay fiankohofana roa, ary raha feno efatra rakat ny vavaka nataony, dia ho fanakiviana an’i Satana izany".

[Mari-pototra] [Notantaraiin'i Moslim]

Nanazava ny Mpaminany (S.A.W) fa raha misalasala ny amin'ny isany vavaka ataony ny olona iray ka tsy fantany hoe telo sa efatra? Dia aoka izy tsy hanampy isa izay mampisalasala azy; Ka ny telo no azo antoka, avy eo manao rakat faha efatra izy, aorian'izany dia miankohoka indroa mialohan’ny salam famaranana. Raha efatra tokoa no rakat vita; dia lasa dimy tamin’ny rakat iray fanampiny, ary ny fiankohofana roa fanadinoana no hisolo ny rakat iray, ka lasa azo zaraina roa ny isa fa tsy "witr", fa raha feno efatra tamin'ilay rakat iray fanampiny ny swalat nataony, arak'izany dia nahavita izay tokony hataony izy, sady tsy mihoatra no tsy latsaka. Ny fiankohofana anankiroa noho ny fanadinoana dia fanalam-baraka an’i devoly sy fandisoam-panantenana ho azy amin'ny tanjona nokendreny. Satria izy nampisafotofoto ilay vavaka, ary nanao ny fomba hanimbany izany. Feno tanteraka ny vavaky ny zanak’i Adama rehefa nanaraka ny didin’I Allah tamin'ny alàlan'ny fiankohofana, izay tsy nankatoavin’i losifera, rehefa izy tsy nety nankatò an’I Allah tamin'ny tsy nanekeny ny hiankohoka tamin’i Adama.

النجاة الخيرية
ALNAJAT CHARITY

لجنة الدعوة الإلكترونية
EDC
E-Da'wah Committee